# Alahady 22 Sept 2019

**Jaona 15:7-8: “Raha miray amiko hianareo, ka mitoetra ao anatinareo ny teniko, dia angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany. Izany no ankalazana ny Raiko, mba hamoazanareo be ka ho tonga mpianatro hianareo”.**

Efa voalaza tsara ry havana hatramin’ny aninkeo maraina, fa Jesoa voaloboka, ary isika nataony sampana. Dia raha tsaroanareo tao amin’ny perikopa tao dia hoe : raha misy sampana tsy mamoa dia esorina izy, atsipy any an-tokontany izy, malazo izy, dia angonina izy, dia atsipy any anaty afo izy.
Nampieritreritra ahy, voambolana nampiasaina mpitoriteny momba ity Jaona 15 ity manazava an’izany, dia hoy izy hoe : tena catastrophe ny fiainana, tena catastrophe ; mazava ihany angamba izany teny frantsay izany , tena idiran-doza ny fiainana. Ilay toriteny amin’izao maraina izao ry havana, ilay fanontaniana apetraky ny Tompo amintsika amin’izao maraina izao dia hoe : SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO ? SAO DIA IDIRAN-DOZA IANAO ?
Mety hilalao téléphone ny voisin na voisine-nao rehefa mandeha kelikely eo, dia alohan’ny hilalaovany téléphone sy hivezivezen’ny sainy any an-kafa dia anontanio izy, mba ho tadidiny izay, hoe : SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO ? Andao ary, teneno ny voisin-nao hoe : SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO ?
Mety hoe ohatran’izao ny position sociale-nao sy ao am-piangonana, ary raha ny fijeinao ny fiainanao, tena mety ny fiainanao ; sanatria e, eo imason’Andriamanitra, araka ilay 5mn teo, izay mahafantatra ny ao am-ponao ao : SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO ?
Ary catastrophe ny fiainanao ry havana, rehefa jerena ity perikopa ity ; catastrophe ny fiainanao satria tsy mivavaka ianao. Izay io : catastrophe ny fiainanao satria tsy mivavaka ianao.

Zaraina 3 ny and.7 : « Raha miray Amiko ianareo » : izay ny fahamarinana 1 ; « ka mitoetra ao anatinareo ny teniko » : izay ny fahamarinana 2 ; « dia angataho izay tianareo na inona na inona fa ho tonga aminareo izany » : fahamarinana 3. Catastrophe ny fiainanao satria tsy mivavaka ianao, tsy mivavaka ianao :

1. Mba hitoetra ao aminao Kristy
2. Mba hitoetra ao aminao ny tenin'i Kristy
3. Satria tsy tia vavaka tsotra izao ianao

Diniho ihany ry havana o, SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO ? SAO DIA IDIRAN-DOZA ARA-PANAHY IANAO ?

Fahamarinana 1 : CATASTROPHE NY FIAINANAO SATRIA TSY MIVAVAKA IANAO MBA HIRAY AMIN'I JESOA

Izay moa no filazan'ilay and.7 azy amin'ny teny malagasy. Fa ery amin'ny and.4 hoe : « tomoera Amiko » ; raha ny teny grika sy teny frantsay, ilay and.7 dia mbola hoe : « raha mitoetra Amiko ianareo », « si vous demeurez en moi ». Tsy mivavaka ianao mba hitoetra aminao Kristy ry havana o. Satria nahoana ? Tsy mino ianao hoe Izy voaloboka, tsy mino ianao hoe Izy tena voaloboka. Hainao ao an-tsainao izany satria ianao mpianatra Sekoly Alahady, fa tsy mino ianao hoe tena voaloboka Izy. Iray izay. Ary tsy mino ianao hoe ny mpanamboatra io voaloboka io, araka ny and.1 dia hoe : Andriamanitra Rainao no mpamboatra. Sady tsy mino ianao, no tsy maka fotoana ianao hisainana an'izany hoe Jesoa tena voaloboka ary ny mpamboatra dia Andriamanitra Ray.

Ahoana moa izany ny karazana vavaka andrasan'ny Tompo amintsika, concrètement ry havana ? Karazana vavaka ohatran'izao, manao hoe : « Andriamanitra mpamboatra ô, akambano amin'i Jesoa voaloboka aho, akambano amin'i Jesoa aho, greffé-o amin'i Jesoa aho ». Tsy izaho no handeha hi-colle amin'i Jesoa ry havana ; asan'ilay mpamboatra izany. « Greffé-o miaraka amin'i Jesoa aho e. Amboleo miaraka amin'i Jesoa aho Ray malala ô ». Izany no fiandohan'ny fiainana kristiana : « greffé-o, amboleo miaraka Aminy aho. ». Raha maka sary tsotra ry havana : io izany ilay voaloboka, Jesoa ; io izany ilay foto-boaloboka : ny olona nivavaka ohatran'ny

nataontsika teo hoe « greffé-o aho », aty an’anona aty izy ry havana, dia hoe ren’ny Rainy ilay teniny, dia alainy iny sampana iny dia greffé-ny. Izany no fiandohan’ny fiainana kristiana : greffé-ny eo, amboleny miaraka Aminy eo. Ary rehefa izay no mitranga, dia tena hoe misy firaisan’aina amin’i Jesoa. Jesoa tena fiainana, ampiraisina Aminy eo ianao, dia tena manana firaisan’aina. Azonao ve izany ry Fiangonana malala ô ? Izany no fiandohan’ny fiainana kristiana, izany no atao hoe finoana : tena firaisan’aina amin’i Jesoa ; tsy hoe firaisana fomba fivavahana, ary tsy hoe firaisana teny sy ny karazany, fa firaisana amin’i Jesoa. Satria miteny ianao, mivavaka araka ny sitrapony ianao, dia no-greffé-ny ianao, nakambany ianao, ary dia ampidininy ao aminao amin’ny alalan’ny Fanahy Masina izany hoe fiainan’i Jesoa izany ry havana o, ampidininy ao aminao. Ampidininy ao aminao ny fibebahana, ampidininy ao aminao ny finoana, ampidininy ao aminao ny fitiavana, ampidininy ao aminao ny fahamasinana satria ianao mivavaka hoe : « Ray mpanamboatra ô, greffé-o miaraka amin’i Jesoa aho ». Ary rehefa izay ry havana, dia ilay Fanahy manakambana iny, ilay Fanahy iny, manenika ny tenanao, manenika ny Fanahinao, ary dia tena hoe manana Fanahy, manana toe-panahy sitrak’Andriamanitra ianao. SAO DIA CATASTROPHE NY FIAINANAO SATRIA TSY MIVAVAKA IANAO HOE : « RAY Ô, GREFFÉ-O AMIN’I JESOA AHO ? ».

Fa tsy ampy izay vavaka izay satria ny tenin’Andriamanitra ry havana, eo amin’y and.4, hoe : « Tomoera Amiko ». Eo amin’ny and.4 izy hoe : « tomoera Amiko », eo amin’ny and.7 hoe : « raha miray Amiko » ; azo adika hoy aho hoe : « si vous demeurez en moi » : « raha mitoetra Amiko ianareo ». Ampiana ilay vavaka teo. Ilay hoe : « Greffé-ô aho Jesoa, greffé-o aho Ray malala ô, amboleo miaraka amin’i Jesoa aho Ray malala ô », ampio hoe : « Ary ampitoero ao amin’i Jesoa aho ». Aza greffé-na fotsiny, dia hoe miala ; ampitoero aho e, « Fais-moi demeurer en Jésus ». Tsisy asanao izany. Sao dia mieritreritra hoe izaho hanao Sefala, hanao Setela, izay faran’izay tsara, izaho hanao Fitela,non ! Fanapahan-kevitra, fahavononana, ary dia arahina vavaka. Izany ilay izy ry havana, izany ilay izy.

Ary raha ny marina, eo izany ilay voaloboka, dia greffé-n'Andriamanitra mpamboatra ianao, greffé ianao izany, dia araka ilay teny teo, hoe : Izy no mihazona anao. Ilay 576 FFPM mantsy manao hoe : Hazony tokoa raha tsy maha-hazona Anao. Fa Izy no mihazona ka mampitoetra anao Aminy. Fahagagana ry havana izany, fahagagana izany. Misaotra an'Andriamanitra ny amin'ny ahazoantsika mifampizara an'izany ; ary mazava be izany teny izany, tsotra be izany teny izany. Mivavaha e, mivavaha e, mivavaha e, manomboka izao, fa Izy izay ni-greffé anao, rehefa greffé ianao ry havana ô, dia tohizany ilay asa tsara : mampitoetra anao amin'i Jesoa Izy na iza na iza ianao. Mampitoetra anao amin'i Jesoa Izy.
Fa izao kosa anefa, mazava be izay : manapa-kevitra aho, manatona aho, mivavaka aho ; izay voalaza teo koa tamin'ny louange, hoe : tsy maintsy mivavaka amin'ny finoana. Ny finoana eto, ilay vavaka atao amin'ny finoana eto, ilay finoana eto dia hoe : fo minia hitoetra ao amin'i Jesoa. Izay kosa aloa e : raha tsy minia hitoetra ao amin'i Jesoa ianao, Andriamanitra tsy hanakambana anao izany. Fo minia hitoetra ao amin'i Kristy. Ny finoana dia hoe : fo te hifikitra. Satria manana safidy isika ry havana ô : fa rehefa tsy minia hitoetra ianao, rehefa tsy mifikitra ianao, ho catastrophe ny fiainanao ry havana, ho catastrophe ny fiainanao, hidiran-doza ianao. Hidiran-doza ohatran'iza ? Ohatran'i Jodasy ianao, izay mba isan'ny mpianatry ny Tompo ihany, mpikambana tamin'ny antokon'izy 12 lahy, kanefa tsy nanana firaisan'aina tamin'i Jesoa. Ary dia tsy namoa finoana izy, tsy namoa fibebahana izy, tsy namoa fitiavana izy, tsy namoa fahadiovana izy, dia nesorin'ilay mpamboatra. Ary rehefa Andriamanitra mpamboatra, rehefa Andriamanitra no manala, dia fahafatesana sy fahaverezana, fahaverezana mandrakizay no anjaran'izany olona izany ry havana ô.
Ary ny amin'izao fahamarinana 1 izao, ny zavatra tsindrina farany araka ilay texte io dia izao : rehefa mivavaka aho hoe greffé-o, rehefa mivavaka aho hoe ampitoero amin'i Kristy Ray malala ô, dia mivavaka aho, ary ity tsy zakan'ny olona, mivavaka aho hoe : Ray malala ô, raha izany ary, amboary aho ;

misy naoty kely hoe : diovy aho. «Amboary aho, diovy aho ». Izany ny vavaka ampianarina antsika ry havana ô. Mety tsy mahay teny malagasy ianao, mety tsy mahay ilay vavaka ady rima ireny ianao, fa fantatrao izao ny antom-bavaka andrasan’ny Tompo aminao isan’andro isan’andro, ary hanokanana fotoana, fa tsy atao zara fa vita ry havana ô. Hanamarina fiovana ianao e. Dia tsy ho catastrophe ohatran’io intsony ny fiainanao eo imason’Andriamanitra.
Teneno ny Rainao hoe : « Mpamboatra malala ô, amboary aho. Izaho miteny Anao hoe amboary aho, fantatro fa antsy no fitaovana fanamboaranao ny voaloboka sy ny sampany ; fantatro fa antsy ; fa amboary aho e ! Amboary aho. Ary ianao mahafantatra loatra izay tokony anamboarana ahy, amboary aho, amboary aho fa manaiky aho na marary aza izany. Amboary aho ary valio vavaka aho ».
Ianao mandinika ny fiainanao, kristiana marina, disciple. Izany ny fanazavana ny fiainanao hoe ozonin’ny fahoriana lava ry havana ô. Fahoriana miampy fahoriana, fakam-panahy miampy fizahan-toetra, izany ny fiainanao. Zavatra mangirifiry, zavatra mafaitra ; ary rehefa miasa ilay Rainao mpamboatra anao, dia mandratsana ; indraindray ny zavatra tianao indrindra no esoriny aminao mba ho fantany hoy Izy no tianao amin’ny fitiavana voalohany, fa tsy iny zavatra nesoriny taminao iny.
Mivavaha ry havana ô, mivavaha, fa izany no fivavaky ny olona mahafantatra fa masina ny Tompony, ary te hanompo Azy amin’ny fahamasinana. Meteza amboarina. Indraindray rehefa mitontona ilay fanamboarana, tsy takatrao hoe mankaiza sy mankaiza izany fiainako izany! Fa fantaro fotsiny e : Andriamanitra Rainao io, Andriamanitra tsy manao kitoatoa, ary iny antsy iny, eo an-tanan’ny Ray izay tena tia anao.
Izay ny fahamarinana 1 : tsy mivavaka ianao hoe : « Ray ô, ampitoero amiko Jesoa ».

Fahamarinana 2 : CATASTROPHE NY FIAINANAO SATRIA TSY MIVAVAKA IANAO MBA HITOETRA AO ANATINAO NY TENIN’I JESOA
Ny vavaka faharoa ry havana ianao : tsy mivavaka ianao mba

hitoetra ao anatinao ny tenin'i Jesoa. Mbola miteny aminareo ihany, miteny manokana e, aminareo izay tsy manokatra Baiboly afa-tsy indray mandeha isan-kerinandro ny alahady, et encore, aty am-piangonana ary tsy tonga mitondra Baiboly akory : ovay izany e, ovay izany e. Izany ny marika hita maso sy azo tsapain-tanana fa catastrophe ny fiainanao, catastrophe ny fiainanao eo imason'Andriamanitra ry havana ô. Izay ilay fahamarinana izany, hoe : tsy mivavaka ianao mba hitoetra ao anatinao ny tenin'i Jesoa.
Ahoana ny fandehan-javatra ry havana eo amin'ny tontolo ara-panahy? Andriamanitra mpamboatra, iray izay ; haintsika izany : Izy no tompon'ny teny, Izy no manome ny teny antsika sampana ; ary Izy ihany no hampitoetra ny teniny aty anatiko, ao amin'ny foko, ao amin'ny fanahiko. Ary izany no antom-bavaka ry havana ô : misaora an'ilay mpamboatra ny amin'ny teny omeny anao, ary angataho Izy hoe : « Ray malala, ampitoero ato anatiko izany teny izany ». Fa Izy mpamboatra, mandefa ny Fanahiny mitarika ahy hamaky teny, mamboly ao amiko izany hoe hetaheta sy fifaliana, fahafinaretana mamaky teny izany. Ary dia mitombo ilay teny, mampitombo an'ilay fahafinaretana sy ilay hetaheta ilay teny ; satria iny teny iny araka ny lazain'ny Soratra Masina, hoe : ity tenin'Andriamanitra ity dia Fanahy sy fiainana ; Fanahy sy fiainana. Dia ilay teny Fanahy sy fiainana, mampitombo antsika amin'ny famakiana, amin'ny fihainoana, amin'ny fandinihina Soratra Masina. Efa tena zava-dehibe izany ry havana. Fa mihoatra noho ireo ny Fanahy Masina ry havana : mitarika antsika ho amin'ny fankatoavana ny teny. Ny Fanahy Masina dia mitarika antsika ho amin'ny fankatoavana ny teny. Jereo kely anie ny fihirana FFPM 201, ny andininy faha-3, misy an-dalana volamena ao : io Fanahy Masina angatahintsika mandrakariva : « Fanahy Masina ô! Tariho izahay Hanaiky 'zao ». Izany ry havana ô. Io tenin'Andriamanitra io, tsy hoe vakiana, henoina, fakafakaina, ianarana, dinihina ; non. Ankatoavina io, ankatoavina io ry havana ô. Ary dia hoe mianara mivavaka ny Fanahy : « Tariho aho hoe, ho amin'ny fankatoavana ». Ary rehefa mivavaka ohatran'izany isika ry havana, hoe : « ampitoero ato anatiko

ny teny, tariho amin'ny fankatoavana aho », hanamarina ianao fa mamy io tenin'Andriamanitra io araka ny tenin'ny mpanao Salamo : Mamy toy ny tantely ; araka ny tenin'ny mpaminany, tena mamy e, io teny io. Ary dia hanjary teny ivelomana, hanjary teny iainana. Ary rehefa izany, dia hameno ny fonao. Mampalahelo ry havana mahita olona manana cahier feno tenin'Andriamanitra nefa tsy iainana. Fa ilay teny ankatoavina : mameno ny fonao ; ilay teny ankatoavina : mamolavola ny fanahinao, mameno ny fonao sy ny fanahinao, fa tsy mameno ny sainao fotsiny e ! Izay ilay izy. Aleo mankatoa amin'ny zavatra kely, toy izay feno fahalalana tsy ankatoavina ; hitondra anao any amin'ny catastrophe izany, io fahalalana be tsy iainana, tsy ivelomana io ry havana ô. Fa reehfa hoe miasa ao aminao ny Fanahy, mitarika ho amin'ny fanekena, ho amin'ny fankatoavana, inona ny zavatra mitranga ? Ny zavatra mitranga : hanana fifandraisana velona amin'i Jesoa velona ianao. Ary dia hanana antoka ianao ny amin'ny famonjenao. Isaky ny mifoha ianao ny maraina, handeha hatory ianao ny hariva, n'inon'inona fiainanao : ho faly ianao satria hoe : « fantatro fantatro fa voavonjy marina aho e. Sedraina ohatran'izao aho androany, fa tena fantatro e, j'ai l'assurance dy salut ». Firy amintsika no manana an'izany assurance du salut izany ? Firy, firy, firy ? Nefa araka ilay lohahevitra amin'ity hoe : fanompoana ohatran'izao, ohatran'izao mameno fiainana nefa olona tsy manana assurance du salut, no mandeha manompo ohatran'izany ry havana ô. Ary rehefa tarihin'ny Tompo ho amin'ny fankatoavana ianao, satria mitoetra aoa anatinao ilay teny, mifamatotra izany ry havana, dia ho fantatrao, dia ho fantatrao Jesoa : ho fantatrao intimement, hanana intimité, hanana fahalalana lalina ary tena faran'izay akaiky amin'i Jesoa ianao.

Fantatrao moa fa ity hoe : « Izaho no voaloboka » na « Izaho no tena voaloboka », ilay « Izaho » milaza an'Andriamanitra izy io, hoe « Je suis », ilay Andriamanitra nanambara ny tenany tamin'i Mosesy tary amin'ny Eksodosy 3:14 : « Izaho ilay izy », « Je suis ». Rehefa miteny Jesoa eto hoe : « Je suis », dia hoe « Andriamanitra Aho ». Fa fantatrao moa fa ato amin'ity filazantsara araka ny Jaona ity misy « Je suis » im-

pito ? Tsy te hanalava fotoana aho, fa tononiko fotisny ilay izy ry havana ô, ary ity no faha-7, ity voaloboka ity :

1. Izaho no mofon'aina (Jaona 6)
2. Izaho no fahazavan'izao tontolo izao (Jaona 8)
3. Izaho no vavahadin'ondry (Jaona 10)
4. Izaho no Mpiandry tsara (Jaona 10)
5. Izaho no fananganana ny maty sy fiainana (Jaona 11)
6. Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana (Jaona 14)
7. Izaho no tena voaloboka (Jaona 15)

Ka rehefa mitoetra ao anatinao ny tenin'Andriamanitra, dia fantatrao amin'ny antsimpirihany Jesoa, hoe : Ilay mofon'aina manome fahafaham-po ny hetahetanao rehetra, Ilay fahazavana ho anao mba tsy toy ny hiraparapa ao anatin'ny aizina ianao ao amin'ny fiainanao, Ilay vavahadin'ondry idirana hankanesana any an-danitra ry havana ô, Ilay Mpiandry tsara miahay anao mba tsy hanan-java-mahory ianao ary miaro anao amin'ny bibidia toy ny any an'efitra, Ilay fananganana ny maty sy fiainana : ianao catastophe, rava ny fiainanao, rava ny tokantranonao, simba ny asanao : hanangana anao amin'ny maty Izy e, hanarina izay mety faharavana rehetra, raha mitoetra ao anatinao ny teniny. Izany ilay izy ry havana ô. Ary lalana sy fahamarinana ary fiainana : tsy ao anatin'ny fahadisoana ianao, tsy ao anatin'ny lainga ny fiainanao ary tena voaloboka, araka ilay voalaza teo hoe mampita aminao ny fiainany mihitsy, ny maha-izy Azy.

Ry Fiangonana ô, ry Fiangonana ô, mivavaha, mivavaha, mivavaha mba hitoetra ao anatinao ny tenin'Andriamanitra arak'izay. Dia arak'ilay hira tsara be nataontsika tamin'ny louange teo, dia tena hoe ho hazon'aina, hazon'ny fiainanao rehetra Jesoa Kristy ry havana.

Ny fahamarinana 1 hitantsika teo dia hoe tsy mivavaka ianao mba hiray amin'i Jesoa ; ny fahamarinana 2 dia hoe tsy mivavaka ianao mba hitoetra ao anatinao ny tenin'i Jesoa.

Fahamarinana 3 : CATASTROPHE NY FIAINANAO SATRIA TSY MIVAVAKA IANAO SATRIA TSY TIA VAVAKA

Tsy mivavaka ianao satria tsy tia vavaka ianao. Isika rehetra

mitovy : ny zavatra tiana dia atao daholo ; matoa tsy atao, tsy tiana izay. Tsy mivavaka ianao satria tsy tia vavaka ianao , dia catastrophe eo imason’Andriamanitra ny fiainanao.
Tsy tia mivavaka ianao, normal ange izany e ; normal izany satria sy mahazo valim-bavaka ianao ; dia normal be ianao tsy mivavaka. Izay ilay izy ry havana. Ary amin’izay lafiny izay tsy azo omena tsiny ianao. Fa rehefa hoe mivavaka ianao mba hiray amin’i Jesoa,rehefa hoe mivavaka ianao mba hitoetra ao anatinao ny tenin’i Jesoa, dia hoy Jesoa hoe : « angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany » – « angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany ». Fampanantenana volamena izany ; fa tsy mino an’izany ianao. Raha tsy izany ianao efa nivavaka. Tsy mino ianao e, raha tsy izany ianao efa nivavaka e ! Ary ny zava-doza, tsy mahazo an’izay angatahinao ianao, fa mitoetra ao amin’ilay catastrophe ianao, idiran-doza ianao. Efa fantatrareo fa ao amin’ny Tompo tsy misy elanelam-panahy an : na ianao ao Aminy, na ianao any amin’ny catastrophe sy any amin’ny fahaverezana mandrakizay. Izay ilay izy. Ary rehefa miteny ny Tompo ry havana ô, « angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany », tsy olona Izy ka handainga hoy ny Soratra Masina, ary tsy mpanao politika akory Izy ka hanao fampanantenana paokaty, tsy hainy tazonina. Fa izay ambarany, izay ampanantenainy dia efainy ry havana ô ; fa ianao mihitsy, ianao mihitsy no tsy mino an’izany teny fampanantenana hoe : « angataho izay tianareo na inona na inona, fa ho tonga aminareo izany ». Ary normal raha tsy mino ianao, satria araka ny teny teo : tsy mitoetra ao aminao ny Tompo, tsy mitoetra ao anatinao ny teniny, tsy mivavaka ianao. Ary ny tena zava-doza anie, ny mampalahelo dia izao e : désespéré ianao, desésspérée ianao amin’ny fiainanao. Kivy ianao, ketraka ianao, leo ny fiainanao ianao, mila hamohy fo ianao. Tia anao ny Tompo e, tia anao ny Tompo, ary mbola te hampieritreritra anao Izy hoe : miovà, miovà, mivavaha. Mampahery ry havana, rehefa misy hoe mpanompon’Andriamanitra mandalo ao aminao, mifanena aminao, mi-téléphone aminao, hoe : « Pasitera ô, tsaroan’i Pasitera moa ilay vadiko ilay tany amin’ny hopitaly, dia nandalo

Pasitera nanatitra vavaka ; dia ny ampitson'iny nandalo ny dokotera dia gaga loatra izy tamin'ilay fihatsarana. Izy nandray azy, hita eny amin'ny endriny na tsy nivaky aza izy, hoe ohatrany ratsiratsy ihany ity an ». Izay, mampahery ny mandre an'izany. « Misaotra Pasitera an, tamin'ilay zanako tonga tao amin'ny birao-nao hivavaka alohan'ny examen, fa afa-panadinana avec mention izy ». Izany io Andriamanitra io ry havana ô : mihaino vavaka Izy, mihaino vavaka Izy.
Ry havana ô, ry havana ô, ny Rainao izay mpanamboatra, araka izay efa nolazaintsika hatrany am-boalohany, Jaona 15, ny Rainao hamboly, hamboly e, hamboly, raha sitrakao, ao am-ponao, ny fitiavam-bavaka. Hamboly ao am-ponao ny fitiavam-bavaka Izy. Ary hampitombo ny fanahinao amin'ny fanahafana ny Fanahin'i Jesoa Kristy. Ary rehefa miakatra tahak'izany ny vavaka ataonao, dia toy ny vavaka ataon'i Kristy amin'Andriamanitra Rainy sy Rainao, dia ho valiana vavaka ianao. Ho valiana vavaka ianao n'inon'inona angatahinao. Ary rehefa izany, tonga amin'ny fanatanterahana ny and.8 hoe : mamoa be ianao, mamoa be ianao. Ny sasany mihetsiketsika e, ny sasany mikofokofoka eo, fa ohatran'ilay aviavin'i Betania, mandravona be fotsiny, fa tsy misy voa. Azo atao angamba ny manangana sampana hoe aviavin'i Betania, izay no sampana maro an'isa indrindra fa sûr aho, ary tsy ato ihany fa any an-kafa koa. Izay, fa tian'ny Tompo ovaina izany ry havana, tian'ny Tompo ovaina izany. Rehefa izany mantsy dia hoe mamoa isika, mamoa be isika, mamoa finoana isika, mamoa voa mendrika ny fibebahana isika, mamoa fahamasinana isika dia miha-mendrika ny atao hoe mpianatra, disciple isika ry havana. Ary faly aho milaza aminareo Fiangonana : izany no ianaranay, application an'izany no ianarana ao amin'ny Ecole des Disciples Isotry Fitiavana. Ary amin'izany ry havana ô, rehefa miha-mendrika ny mpianatr'i Kristy ianao, dia hoe miaraka amin'i Jesoa ianao, miara mikendry Aminy ny fankalazana an'Andriamanitra Raintsika ; fa rehefa tsy izany, averiko aminao e : catastrophe ny fiainanao.
Faranana ny teny ry havana : nanomboka ny asa nanirahan'ny Rainy Azy tety an-tany Jesoa Kristy dia niteny Izy hoe : «

Avia, manaraha Ahy ». Ilay fanarahana moa hoe, avia, meteza ho mpianatro. Tany am-piandohana Izy nanao hoe : « Avia, manaraha Ahy » ; aty am-pamaranana, satria ny Jaona 15 ao amin'ilay alina anaovany veloma ny mpianany ; aty am-pamaranana ny fiainany, dia miteny Izy hoe : « Tomoera Amiko ». Ary didy izany ry havana ô. Didy izany. Tsy tiantsika nny didiana amin'izao fotoana izao, fa didy ny hoe : « Tomoera Amiko ianao ». Ary aza manahy, ny Rainao, Ray tena tia anao ao amin'i Jesoa Kristy no mpanamboatra : atolory Azy ny rehetra momba anao, atolory Azy ny momba anao rehetra e. Hoyny toriteny teny frantsay izay, hoe : « Abandonne-toi à lui, abandonne-toi à lui ». Ento eo Aminy ny tsy fahatanterahanao rehetra, ento eo Aminy ny tsy fahamarinanao rehetra, ento eo Aminy izay mahaloto anao rehetra, ento eo Aminy ilay totale incapacité anao ho amin'izany fahamasinana izany, ento eo Aminy io koliloly be, io kolikoly kely mamatotra anao io ; ento eo Aminy, ento eo Aminy izany ry havana ô, dia hanao zavatra mahagaga ao amin'ny fiainanao ianao ary hijoro vavolombelona ianao hoe : ry havana, tamin'ny Alahady 22 Septembre 2019 no nifindra niala avy any amin'ny catastrophe ny fiainako ho any amin'ny fanjakan'ny lanitra.
Ho aminareo ny fahasoavan'ny Tompo. Amena.